# 6 NY FITERAHANA NY TAMBIN-TENY

## LOHAHEVITRA

- Mpianatra manana fahalalana ampy hanakarana ireo hevitra fonosin'ireo fombafomba amam-pihetsika sy fiteny manodidina ny fiterahana teo amin'ny Malagasy.

## LESONA HO TADIDINA

Anisan'ny vahoaka mankamamy ny taranaka ny Malagasy, sarobidy aminy ny zanaka. Manana fombafomba samihafa izy hiatrehana ny fiterahana, manomboka hatrany amin'ny fipetrahan'ny zaza ao an-kibo, mitohy amin'ny fitondrana vohoka ary mifarana amin'ny fotoana fiterahana sy ny fifanana. Manana ihany koa voambolana manokana iantsoana ny zanaka ny Malagasy toy ny hoe : menaky ny aina, silaky ny aina, sombin'ny aina sy ny hafa ihany koa. Ireo voambolana ireo dia samy manamarika ny fifatoran'ny aina eo amin'ny reny sy ny zanaka. Noho izany rehetra izany dia azo lazaina fa harena ny zanaka, manana anjara toerana goavana sy lehibe tokoa eo amin'ny fiainan'ny Malagasy. Tsy natao amabanin-javatra ny fikarakarana rehetra mba hanana taranaka vanona.

## SAHANASA 1

Lahatsoratra:

Ny endrika isehoan'ny fiterahana sy ny dikany

Anisan'ny firenena malaza amin'ny fiterahan-jaza maro sy ny fitiavan-janaka ny Malagasy. Mifono hevi-dalina feno fitiavana ny fomba fiteny iantsoana ny zanaka, fa izy no menaky ny aina, sombin'aina, ary vahatry ny aina. Tsy misy mamy toy ny zanaka fa rehefa manaiki-nono akifika araka ny fiteny hoe: "iri-mahory ny zanaka".

Ny iterahan-ko dimby, hoy ny ohabolana. Ny momba aza efa mahantra tsy fidiny: rariana mafy dia mafy izany dimby amam-para izany. Tsarovy ilay firariana atao amin'ny mpivady: "Miteraha fito lahy, fito vavy". Vao fantatra fa manan-janaka ny vehivavy dia efa miantomboka ny fikolokoloana sy fitsimbinana azy.

Raha vao miforona ao an-kibon-dreniny ny zaza dia atao hoe "nitsaika" ary ny reniny lazaina hoe: "mitoe-jaza"; rehefa lehibebe dia manana anaka; ny efa mibontsin-kibo no antsoina hoe bevohoka na mavesatra na bevotraka. Mandritra ny fotoana ipetrahan'ny zaza ao an-kibony dia "mitondra rano" no ilazana an-dreniny, ary na dia ilay zaza vao latsaka avy ao an-kibon-dreniny iny aza mbola antsoina hoe "zazarano". Entina an-kibo mandritra ny sivy na folo volana ny zaza arakaraka ny olona

(…) Rehefa akaikikaiky ho teraka ny bevohoka dia manomana komby. (…). Eo akaiky fatana no ametrahana ny komby. Ahiboka ao ny vehivavy tera-bao; ao izy no mifana na mikomby, mba tsy ho "sovohin'ny hatsiaka" fa natahorana aoka izany ny hatsiaka, ary ninoana fa aretina avy amin'ny hatsiaka ny sovoka; ny afo ao am-patana tsy navela ho faty; ny jiro atao "rehibe mijoalajoala", ary rakofana lamba mafana ny tera-bao; tsy mahazo mivoaboaka foana tsy misy antony lehibe mandritra ny herinandro aza izy.

François RAKOTONAIVO

Riba Malagasy.

**Fanadihadiana lahatsoratra :**

1) Omeo ny teny mitovy hevitra amin'ireto teny na andian-teny manaraka ireto: vahatra, momba, sovohin'ny hatsiaka, sovoka, rehibe mijoalajoala.

2) Hovakiko ny andininy voalohany amin'ny lahatsoratraka:

a- Lazao ny mampalaza ny firenena Malagasy.

b- Lazao ireo fomba fiteny iantsoana ny zanaka hitantsika ao.

3) Hovakiko indray ny andininy faharoa amin'ny lahatsoratra.

a- Lazao ny antony iterahan'ny Malagasy.

Lazao kosa ireo fiteny firarian-tsoa atao amin'ny mpivady nahazo tokantrano vao

Midika inona ny zanaka araka ny ohabolana hitantsika ao amin'ny lahatsoratra?

b- Lazaina fa mahantra ny olona momba tsy miteraka. Midika inona izany ny zanaka amin'ny Malagasy?

4) Vakiko ny andininy fahatelo amin'ny lahatsoratra.

a- Lazao ireo anarana samihafa iantsoana ny reny bevohoka araka ny dingan'ny fivoaran'ny zaza ao an-kibony.

b- Inona no ilazana ny reny mandritra ny fotoana ipetrahan'ny zaza ao an-kibony?

d- Tohizo ity fehezanteny ity: "Ny zaza vao latsaka avy ao an-kibon-dreniny no antsoina hoe ……………"

e- Firy volana no itondran'ny reny an-kibo ny zaza?

5) Vakiko ny andininy fahefatra amin'ny lahatsoratra:

a- Inona no iantsoana ny toerana ifanan'ny mpifana rehefa teraka izy?

b- Lazao ny toerana ametrahana azy.

d- Mba hiarovana ny reny tsy ho azon'ny hatsiaka na sovoka, lazao ireo fikarakarana atao amin'ny vehivavy tera-bao.

**SAHANASA 2**

FAMPIHARANA

1) Tia zanaka ny Malagasy. Asehoy amin'ny alalan'ny anarana angoty iantsoany azy izany.
2) azao ny fiheveran'ny Malagasy ny zanaka.
3) Lazao ny fikarakarana atao amin'ny vehivavy tera-bao.
4) Nahoana no tsy atao ambanin-javatra ny fikarakarana azy?

**SAHANASA 3**

FANAZARAN-TSAINA

1) Lazao ny fiarahabana atao amin'ny olona vao avy nitera-dahy sy nitera-bavy.
2) Omeonyanaran'ny vola atolotraamin'izany.
3) Lazaonyfitenyfirarian-tsoaataoamin'nyolonatera-bao.
4) Milazafadysamihafaamin'nyvehivavymitondravohoka.
5) Manomezaohabolanafantatrareomombanyfiterahana.